# 365Tantara

## 66. Zarao ny Filazantsara amin'ny fotoana rehetra!



# 66. Zarao ny Filazantsara amin'ny fotoana rehetra!

Indray hariva, taorian'ny fotoana fampielezana ny filazantsara tena nahomby Nandeha nody ilay evanjelista John Wesley.


45b

Norobain'ny mpanendaka iray izy ka lasany daholo ny teny aminy. Tsy misy zavatra sarobidy anefa, Vola kely sy trakta kristianina. Rehefa nitsoaka ilay mpanendaka, dia nantsoin'i Wesley:

- Andraso fa misy zavatra hafa omeko anao koa! Gaga ilay mpanendaka ka nijanona.

- Ry sakaiza, hoy Wesley, indray andro mety hanenina izao fiainanao izao ianao!

Ka, tadidio izao teniko izao:

Ny ran'i Jesosy dia manadio antsika amin'ny fahotana rehetra Nitsoaka ilay mpanendaka. Ary dia nivavaka ho an'ity nanendaka azy Wesley.



Taona maro taty aoriana Nitory teo anoloan'olona maro Wesley Nony tapitra ny fotoana, nanantona azy ny iray tamin'ireo nihaino. Fahagagana ho an'i Wesley no nahafantatra fa ity miresaka aminy, kristianina an-kehitriny dia tsy iza fa ilay nanendaka azy fahiny.



- Ianao no nanova ny fiainako hoy ilay mpanendaka fahiny.

- Tsia, hoy Wesley, Andriamanitra no nanova anao! Tena nanome zavatra an'ity mpanendaka taloha ity i John Wesley Tamin'ilay  alina iny, nanokatra varavaram-panantenana ho azy Wesley.



Krsitianina, tadidio fa isika dia mila mijoro vavolombelona amin'ny finoantsika! Amin'izay mifanena amintsika, na tsara izy na ratsy. Ny Tenin'Andriamanitra dia miteny: ao amin'i "I Timoty 2:4"

Izay tia ny olona rehetra hovonjena ka ho tonga amin'ny fahalalana ny marina.

Aoka ny fahasoavan'ny Tenim-panantenana ho an'ny rehetra! Mianara ny risi-pon'i John Wesley.